

# Ny sabatra sy ny menarana

**L. Vere Elliott**

(*Ity fahitana ity dia nomena an'I L. Vere Elliott tamin'ny faramparan'ny taona 70*)

[TRANONKALA](#)



Indro ilay fahitana/ fanambarana. Tao amin'ny efitra fivoriana malalaka (fiangonana) iray aho, izay rakotra vatosoa sy volamena ny rindrina sy ny tafontrano, ny varavarankely fitaratra miloko samihafa (toy ny any amin'ny katedraly). Betsaka olona tao; manankaren, mahantara, marary, sembana, moana, jamba; mifatotra sy migadra avokoa izy rehetra, tsy nisy olona afaka (kisarin'ny fiangonana ankehitriny, miangona izy ireo nefo tsy manam-pahafahana).

Teo anoloan'io efitrano fivoriana io dia nisy sehatra lehibe, pilipitra amin'ny andaniny ary efitra nisy menarana maitso lehibe amin'ny ankilany; ary nisy sabatra lehibe nihantona marindrano tamin'ny tariby roateo amin'ny toerana tokony hisy ny fanamafisam-peo; teny amin'ny sehatra nisy ekleziastika maromaro, 8 na 10, manao fitafina pretra, nipetraka nanao aloha sy aoriana, tAny amin'izy ireo ny mason'ny mpivory fa izy ireo kosa njery ny fiangonana. Nangina tanteraka ny iray trano, ary nisy feo mafy toy ny feom-baratra nivoaka avy tao amin'ny pilipitra, toy ireny avy amin'Andriamanitra mivantana ireny nanao hoe, **"Iza no hanambara ny torohevitr'Andriamanitra rehetra aminy?"**

Nitsangana ilay pretra voalohany, nisy baiboly teny antanany, niarina ilay bililava sy nisioka tamin'ilay olona, namiratra ny masonry ary nasehony ny fantsiny. Ny olon'Andriamanitra, izay fiantsoana diso, nipetraka ary nametraka ny baiboliny tao ambanin'ny sezany. Avy eo nitarin'ilay bililava ny lohany hikasika ilay baiboly tao ambanin'ny sezany. Nitariny indray hikasika ilay sabatra ka hoy izy: **"Izay Mankato ny lalàn'Andriamanitra dia vonoiko amin'ity sabatra ity"**



Nanjaka indray ny fahanginana nandritran'ny fotoana fohy. Ary nisy feo indray avy tao amin'ilay pilipitra: **"iza no hanambara ny toro-hevitr'Andriamanitra?"** Nitsangana ilay olona manao aknjona mpitandrina faharoa ka saika nandroso. Nihodidina azy ihany koa ilay bililava, nianjera ilay lehilahy ary tafapetraky ny tahotra ka nametraka ny baiboliny tao ambanin'ny sezany (nanafina ny Teny). Nikasika ilay sabatra indray ilay menarana, **"vonoiko ianareo raha manaraka ny lalan'Andriamanitra."**

Nirefitra fanintelony avy tao amin'ny pilipitra ilay feo, nitsangana ilay lehilahy fahatelo ka nipetraka toa ireo roa. Dia toy izany hatrany, nirefidrefitra mafy ilay feomandrapahatapitireo pretra teo. Afaka nanohitra izy rehetra saingy toy ilay 3 voalohany dia ny tahotra no nameno azy rehetra. Ary nihomehy maneso ilay menarana.

Ary nirefitra mafy indray ilay feoavy tao anaty pilipitra, "**Ô ! raha mba nisy mantsy, raha mba nisy; raha mba nisy olona iray nanambara ny torohevitr'Andriamanitra dia ho voavaha ireo olona mifatotra ireo! Dia tena tsy misy ve e?**"

Nony avy eo, nisy lehilahy kely vatana izay heverin'izao tontolo izao ho tsy misy fotony niakatra teny an-tsehatra ka nitsangana tao ambanin'ilay sabatra, niandandra ny lanitra izy ka nanao hoe : "**Andriamanitra ô ! atolotro eo antananao ny fanahiko.**" Nosokafany ny baiboly ka novakiany tsy nampiany tsy nanalàny ny teny, ary toy ny olona manam-pahefana ny fiteniny.

Rehefa vitany dia niainga nankeo amin'ny tendron'ilay sabatra ilay menarana ela ka nanapaka ny tariby nihazona azy. Nilatsaka ny sabatra saingy tsy nahazo ilay lehilahy; noho izy fohy dia nisosa teo ambony lohany fotsiny ilay izy ary nilatsaka tamin'ilay tariby faharoa ka nanapaka azy ; nikorisa tany aoriania ilay sabatra ka nanindrona ny fon'ireo pretra nitandahatra ka nampiraikitra azy ireo tamin'ny rindrina. Ary nisy antsom-pahakiviana lehibe avy teo amin'ilay pilipitra, Ireo olona nivory kosa nihika fifaliana fa tapaka ny gadrany, Afaka avokoa izy rehetra fa nafahin'ny Teny. Ary nifarana teo ilay fahitana.

Avy eo dia hitako ny mpamonjy tanaty rahona teo ambony lohako. Ary hoy izy: « **Toy izao anaka no dikan'ireo rehetra ireo: Ilay trano fivoriana dia tsy inona fa ireo trano fiangonana izay toa manam-pahamasinana nefà mandà ny fahefako. Voaravaka sy voahaingo aoka izany izy ireo ary tsy hita fetra ny volamena sy volafotsy ao aminy. Ireo olona hitanao kosa dia ireo nanaovako sorona ny aiko, saingy ringana ny oloko noho ny tsy fahalalàny. Mana-maso izy ireo nefà tsy mahita; manan-tsofina nefà tsy mandre. Mifatotra izy ireo ka tokony hafahana! Ilay sehatra nipetrahan'ireo pretra dia tandindon'ny hevitra efa voavolavola hatrany amin'ny fanambany lalina indrindran'ny helo. Ny pilipitra dia ny sezà fiandrianan'Andriamanitra et ary ilay menarana kosa dia tsy iza fa i losifera tenany. Ny sabatra dia ny Tenin'Andriamanitra; Ilay tariby kosa dia maneho ny fahefan'Andriamanitra afaka manome sy maka ny aina. Nalaina tamin'ireo pretra tsy nitory ny teniko ny aina ka nomena ilay olona noheverina ho tsinontsinona! Ireo pretra hitanao dia ireo lehilahy sy vehivavy miseho ho mahalala ahy nefà mampianatra zavatra tsy voasoratra ao amin'ny bokin'ny fiainana. Ny reharehan'ny fony sy ny fiheviny ary ny fanahin'izao tontolo izao ao anatiny dia manery azy hanoa an'i satana izay sady mpandainga no rain'ny lainga. Ny pretra rehetra di mifaninana fotsiny amin'ny fanaovan-tsoa hitadiavam-boninahitra, ny fahaiza-manoratra sy ny fahaiza-miady hevitra...Ny taratasy fotsiny no dinihiny fa tsy miraharaha ny hevity ny teny. Ho avy, ary efa tena antomotra ny andro tsy maintsy hijnjany izay nafafiny toy ilay hitanao teo.**

Nosokafako ny baiboliko "Lozan'ireo mpiandry izay manimba sy mampihahaka ny ondry fiandriko ! hoy Jehovah. » ([Jeremia 23:1](#)) « Ary tamin'ny mpaminanin'i Jerosalema no nahitako zavatra mahatsiravina; Mijangajanga sy mandeha araka ny lainga izy

Sady mampahery ny tangan'ny mpanao ratsy... ([Jer 23:14](#)). Ary hoy Jesosy : "...Lozan'ny mpiandry ondrin'ny Israely izay mamahan-tena! Moa tsy ny ondry va no tokony handrasan'ny mpiandry ? » ([Ezekiela 34:2](#)). « *Tsy manatanjaka ny malemy ianareo, na manasitrana ny marary, na manamatra ny folaka, na mampody ny noroahina, na mikatsaka ny very; fa loza loatra ny fampanomponareo azy.* » ([Ezekiela 34:4](#)). « ...fa ny matavy sy ny matanjaka kosa dia haringako ka handrasako amin'ny fitsarana.» ([Ezekiela 34:16](#)). Ary hoy izy nanohy : « **Ireo mpiandry ondry sandoka ireo dia tsy hahasakana mihitsy ny sabatra hilatsaka aminy. Mila ampitandremana sy afahana ny ondriko!** » Ary hoy ihany izy : « **Tsaroanao ve ny teniko voasoratra ao amin'ny jeremia 25 andininy faramparany? vakio!**”

Ary novakiako ilay teny :"...Ny voavonon'i Jehovah dia hiampatrampatra hatramin'ny faran'ny tany anankiray ka hatramin'ny farany koa..." ([Jer 25:33](#)). *Mitalaho sy mitaraina mafy ry mpitandrina izany fa efa tong any andro faharavanareo!*" Ary hoy izy nony avy eo : « **Hitalaho ireo mpiandry ondry, hitomany sy hikotro-nify,saingy rehefa milatsaka ny sabatra dia eefa ho tara loatra ka tsy hisy hevitra intsony. Ilay lehilahy kely vatana hitanao dia ireo lehilahy sy vehivavy mpanetry tena sy mpankato, eny fa hatramin'ny fahafatesana amin'ny hazo fijaliana, manolotra ny fiainany eo antanan'Andriamanitra ary miroso hatrany amin'ny fanambarana ny toroheviny! ô! Raha mba mahita olona toy izany mantsy aho, aiza ary no mety hahitako? Ny olona toy izany no hahafahako mampitsimbadika ny tany aman-danitra**” hoy ny Tompo

Mpandika teny : Hortensia Rindraniaina @ [minikolla@live.fr](mailto:minikolla@live.fr)